



ee 12/06/24  
Sco PV  
✓  
PV no 295  
Von JG



**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA  
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2024**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-295

FAMPAHAFANTARANA AMIN'NY ANKAPOBENY NY VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA  
FAHA-012/2024 TAMIN'NY 21 MAY 2024 MOMBA NY LALANA MIFEHY NY FITANTANAM-  
BOLAM-PANJAKANA NASIAM-PANITSIANA, TAONA 2024,  
NATAON-Dramatoa MINISITRY NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

Fivoriana faha-4  
Natao ny  
Zoma 7 Jona 2024  
- Atoandro -

## FIVORIAMBE

**FILOHA:** Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques

**MPITANTSORATRA:** Ramatoa isany: - ANGELE Solange  
- RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina

**FOTOANA:** Zoma 7 Jona 2024, tamin'ny 11 ora sy 5 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fampahafantarana amin'ny ankapobeny ny Volavolan-dalàna laharana faha-012/2024 tamin'ny 21 May 2024 momba ny Lalàna Mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana, taona 2024, nataon-dRamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

- 1 -

- Fitohizan'ny fivoriana -

**Andriamatoa FILOHA**

Tompokolahy sy Tompokovavy, mitohy ny fivorantsika.

Manolotra ny arahaba ho antsika Solombavambahoaka namana amin'izao fivoriambe izao. Arahabaina satria izao isika vao nihaona eto indray, arahabaina ihany koa fa samy nahavita soa ny fampielezan-kevitra sy ny fifidianana. Eo ampiandrasana ny valim-pifidianana isika ka tsy mbola hifampiarahaba momba izany.

Arahabaina koa ny teknisiana avy amin'ny Governemanta izay tarihinao, Ramatoa Minisitra; tonga soa eto amin'ny Lapan'i Tsimbazaza izay Lapan'ny demokrasia ary eto koa no vovonana iadian'ny lohany amin'ny fisoloan-tena ny vahoaka Malagasy.

Alohan'ny hirosoana amin'ny votoatin-draharaha dia hanao ny fiantsoana anarana isika.

- 2 -

- Fiantsoana anarana -

**Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina**

Mirahaba antsika rehetra tonga manatrika izao fivoriana izao.

Hiroso amin'ny fiantsoana anarana isika izao.

AFAKANDRO Alphose

.....

.....

.....

ZAFINANDRO Perle Bien Aimée

Vita Andriamatoa Filoha.

## **Andriamatoa FILOHA**

Misaotra anao, Ramatoa Mpitantsoratra tamin'ny nanatontosanao izay fiantsoana anarana izay.

Tompokolahy sy Tompokovavy, ny fandaharam-potoanantsika izao atoandro izao dia fanoloran-dRamatoa Minisitra amin'ny ankabopeny ny Volavolan-dalàna laharana faha-012/2024 tamin'ny 21 May 2024 momba ny Lalàna Mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana, taona 2024.

Marihana eto ampiandohana, fa izany fanolorana izany dia natao hanampy antsika amin'ny famakiana sy ny fahazoana ireo fotokevi-dehibe nentina nandrafitra ity Tetibolam-panjakana ity. Manampy an'izay, mba ahafahantsika mametraka fanontaniana sy miady hevitra rehefa vita ny asam-baomiera, fa ny androany dia fanazavana amin'ny ankabopeny ataon-dRamatoa Minisitra. Aorian'izay ny asam-baomiera ary rehefa izany vao miditra amin'ny fivoriambe hametrahana fanontaniana sy ny fanampim-panazavana tiantsika ho azo mikasika azy ity.

Izao dia hihaino an-dRamatoa Minisitra amin'ny fanolorana amin'ny ankabopeny ity volavolan-dalàna ity alohan'ny hidirany any amin'ny asam-baomiera.

Omena anao, Ramatoa Minisitra, ny fitenenana ary raha sitrakao, afaka mandroso etè anoloana ianao hitondra an'izany fanazavana izany.

- 3 -

**- Fanazavana amin'ny ankabopeny ny Volavolan-dalàna laharana faha-012/2024  
tamin'ny 21 May 2024 momba ny Lalàna Mifehy ny  
Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana, taona 2024 -**

**Ramatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola**

Misaotra betsaka nanome ny fitenenana, Andriamatoa Filoha.

Andriamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena misolo toerana;  
Ramatoa sy Andriamatoa isany mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra;  
Ramatoa sy Andriamatoa isany Filohan'ny Vaomiera eto anivon'ny Antenimierampirenena;  
Ramatoa sy Andriamatoa isany Solombavambahoaka hajaina;  
Tompokolahy sy Tompokovavy,

Faly miarahaba anareo rehetra, Tompoko, ary miarahaba ihany koa nahavita ny adidy amin'ny fifidianana ireo ho Solombavambahoakan'i Madagasikara.

Amin'ny anaran'ny Governemanta manontolo no ijoroako etoana hanolotra ny Volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana ho an'ny taona 2024.

Nisafidy ny hanao fanitsiana ny tetibolam-panjakana ny Governemanta tamin'ity taona ity, ka izay indrindra no anton'ity volavolan-dalàna ity izay efa nankatoavin'ny Filankevity ny Minisitra tamin'ny faha-21 May 2024 lasa teo.

Andriamatoa Filoha, ianareo Solombavambahoaka hajaina;

Amin'ity indray mitoraka ity dia tsy ho lavabe ny fanazavana an'ity volavolan-dalàna hifehy ny tetibolam-panjakana nasiam-panitsiana ity satria dia tokana ihany no antony nanaovana ny fanitsiana dia ny fampifandanjana eo amin'ny vola hiditra sy ny vola hivoaka. Izay ihany no antony ary mifandraika amin'izay sy vokatra aterak'izay avokoa ny zavatra hitantsika ato anatin'ity volavolan-dalàna ity

Raha naminavina ny hampiditra 10 179 Miliara Ariary isika tamin'ny LFI 2024 tamin'ny alàlan'ny hetra (tsy voakasik'io ny findramam-bola avy any ivelany) dia tsapa tao anatin'izay 5 volana voalohany izay fa tsy ho tratra io tanjona io satria tena mbola marisarisa isika Malagasy amin'ny fandoavan-ketra ary rehefa natao ny kajy dia eo amin'ny 8 404 Miliara Ariary eo no tanjona mety ho tratra. Izany hoe nihena 1 775 Miliara Ariary ny vinavinan'ny vola hiditra amin'ny hetra.

Eo anatrehan'izay dia roa ihany no safidintsika Malagasy:

1- Ny safidy voalohany dia ny fanatsarana eo amin'ny lafiny aran-ketra; na isika mampiakatra ny fampidiran-ketra amin'ny alàlan'ny fanerena mafy ny mpandoa hetra, ankoatra ireo fanavaozana rehetra efa entin'ny sampandrahaharan'ny hetra amin'ny fomba fiasa na koa amin'ny alàlan'ny fanapahan-kevitra hanao hetra vaovao amin'ny sehatra vaovao na ihany koa amin'ny alàlan'ny fanesorana ireo fanalefahana ara-ketra efa misy ankehitriny. Izay lafiny ara-ketra izay no safidy voalohany

2- Ny safidy faharoa kosa dia na isika manaiky ny hanenana ny tanjona ara-ketra ka rehefa midina ny vinavina vola miditra dia tsy maintsy ihany koa mandanjalanjana ny fandaniam-bola hifanaraka amin'izay.

Rehefa natao ny fandinhana dia tsy mbola fotoana aloha izao hanerena mafy ny mpandoa hetra, eny fa na dia efa nanomboka ihany aza ny sampandrahaharan'ny hetra tao anatin'izay 5 volana izay, tsikaritra fa tena mbola tsy zakan'ny mpandoa hetra ny fanarahana azy ireo akaiky loatra. Misy ireo fanavaozana maro efa nentina amin'ny fomba fiasan'ny sampandrahaharan'ny hetra, tao ny "digitalisation", hitantsika ihany koa ireny "anjara hetrako" ireny; efa natomboka koa ny "e-hetra" sy ny "e-paiement" fa tsy mbola mahatratra ny tanjona kasaiana hotratrarina. Marihana fa i Madagasikara dia mbola anisan'ireo firenena manana "taux de pression fiscale" ambany raha oharina amin'ireo firenena Afrikana. Manodidina ny 10% eo ny "taux de pression fiscale"-ntsika raha toa manodidina 16% eo ny "moyenne" aty Afrika. Araka izay anarany hoe "pression fiscale" izay na fanerena ara-ketra dia mbola kely ny "pression" eto Madagasikara. Raha fitenin-jatovo dia hoe tsy mbola mi-"presse" mafy araka ny fanao akory isika kanefa efa tena mavesatra amintsika izany fanaraha-maso ara-ketra izany. Any amin'ny firenena mandroso toa an'i Frantsa ohatra, efa mahatratra 43,2%-ny harin-karena foobe ny "pression fiscale" tamin'ny taona 2023. Matetika ny valinteny azo rehefa manangona hetra dia hoe: tsy hita akory izay andehanan'ny hetra ka lasa marisarisa handoa hetra ny olona. Aza hadinoina anefa fa ireny fotodrafitrasa rehetra hitantsika ireny, toy ny "salle des classes" maherin'ny 4 800 isa, ny

toeram-pitsaboana miisa 28, sns ... ary indrindra ny karama raisintsika rehetra isam-bolana sy ny fampandehanan-draharaha andavan'andro dia atao amin'ny alàlan'ny hetra avokoa.

Nokajiana ihany koa ireo fanalefahana ara-ketra efa misy ankehitriny mba ahafahana mijery hoe azo atao ve ny manala ireo fanalefahana ara-ketra ireo satria hita fa iankinan'ny fiainan'ny Malagasy loatra ny fanalefahana ka tsy mbola azo atao aloha amin'izao enim-bolana manaraka izao ny anesorana ireo fanalefahana ireo mba ho fiarovana ny vahoaka Malagasy.

Izany kajy fanalefahana ara-ketra izany dia nataon'ny Minisiteran'ny Toekarena sy Fitantanambola niaraka tamin'ireo mpamatsy vola. Nahazo ny antsoina hoe "assistance technique" isika tamin'ny fanaovana ireo kajy ireo.

Raha hozaraintsika eto ny fanalefahana ara-ketra misy ankehitriny dia:

- Ny fanalefahana ny hetra amin'ny vary no ambony indrindra satria mitentina 735 Miliara Ariary no hetra esorina mba ahafahana tsy mampandoa hetra ny vary. Raha esorina izany io fanalefahana io dia hisy fiakarana ny vidim-bary.
- Anisan'ny omen'ny Fanjakana fanalefahana hetra ambony manaraka ny fanafody sy kojakoja ilaina ara-pahasalamana izay mitentina 239 Miliara Ariary no hetra esorina mba tsy hampandoavana hetra an'ireo sehatra ireo.
- Ao ihany koa ny fanalefahana ara-ketra izay ateraky ny lalàna misy eo amin'ny "grands investissements miniers" na ireo mpiatsehatra eo amin'ny harena ankibon'ny tany, izay mahatratra 172 Miliara Ariary no totaliny,
- Misy koa ireo kojakoja ilaina amin'ny fambolena izay mahazo fanalefahana ara-ketra ka mitentina 52 Miliara Ariary no vola tsy miditra amin'ny kitapom-bolam-panjakana mifanandrify amin'izay,
- Mbola maro be ny fanalefahana ao amin'ny volavolan-dalàna, fa ireo aloha no lehibe indrindra, fa ny ankoatr'izay dia ireny madinidinika ireny.

Raha jerentsika izay isa nomena izay dia mamerina manisy hetra amin'ny vary izany no ahafahana mamerina fidiram-bola haingana be indrindra ao anaty kitapom-bolam-panjakana satria mahatratra 735 Miliara Ariary no vola tsy miditra noho ny fiarovana ny vahoaka amin'ny vidim-bary tsy hiakatra. Koa ny fanontaniana dia hoe: hozakatsika ve ny hamerina hetra amin'ny vary? Tsia ary tena tsia. Ny hetra amin'ny sehatra hafa anefa tsy ahatratarana loatra ny tanjona.

Koa rehefa tsy hisafidy ny lafiny ara-ketra isika dia ny safidy faharoa no nidiran'ny Governemanta ao anatin'ny enim-bolana manaraka dia ny fanenana ny fandaniam-bola mba hifandanja amin'ny vola miditra. Mamerina ny adihevitra indray isika amin'ny lafiny ara-ketra amin'ny Volavolan-dalàna momba ny Tetibola amin'ny taona ho avy.

Tsara ny manamarika fa tsy nametra ny safidintsika tamin'ireo akory ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena satria maro be no nilaza fa noteren'ny FMI nahena ny fandaniam-bola ataontsika. Tsy nanery tamin'izay velively ny FMI fa napetrany tsara ny safidy hoe na mijery ny lafiny ara-ketra isika na mandanjalanja ny fandaniam-bola na manatsara ny lafiny ara-ketra. Ny safidintsika dia ny handanjalanja ny fandaniam-bola noho isika mbola tsy te-hikasika ny hetran'ny vary sy ny hetra amin'ny ankapobeny mba hiarovana ny vahoakatsika.

Eo amin'izay lafiny hetra izay anefa dia misy ihany ireo fidiran-ketra voatery nesorina noho ny fangatahan'ny sehatra iraisam-pirenena dia ny "droit d'accise" amin'ny fanondranana volamena.

Ao ihany koa ny sehatra izay nampiana ny tahan'ny retrany dia ny zava-pisotro misy alikaola izay nitombo 100 Ariary. Tsy voakasika amin'izany ny alikaola fampiasa amin'ny fahasalamana.

Maro ireo sehatra azo ampidirana hetra fa araka ny voalazan'ny didim-panjakana laharana faha-2023-328 tamin'ny 31 Martsa 2023 dia tsy afaka manao fanalefahana ara-ketra intsony isika raha tsy mandalo kajy ny tombany sy tombontsoa azo amin'ny fanalefahana ara-ketra. Tsy vita vetivety anefa izany ka tsy azo natao tamin'ity LFR ity, fa amin'ny taona 2025 isika no hanao izany araka ny voalazako teo aloha.

Andriamatoa Filoha, ianareo Solombavambahoaka, ankoatra izay fanazavana mikasika ny antony nanaovana ity volavolan-dalàna mifehy ny tetibolam-panjakana nasiam-panitsina ity dia entina eto ihany koa ny fanitsiana mifandraika amin'izay koa ny lafiny fandaniana; satria tokoa ho antsika olon-dehibe izay mitady vola hivelomana isan'andro dia tokony hazava aminintsika avokoa ny hoe tokony hifanahantsahana amin'ny vola miditra ny vola mivoaka. Izany dia mba ahafahana manaja ny antsoina hoe "déficit" sy hifehezana ny findramam-bola vahiny. Io "déficit" io no mari-drefy arahan'ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena maneran-tany. Tsy ho an'i Madagasikara ihany, fa maneran-tany izay antsoina hoe "ancre du FMI".

Noho ny hetra hidina 1 755 Miliara dia hidina 1 255 Miliara Ariary ihany koa ny fampiasam-bola anatin'ny ka izany dia hitarika fidinan'ny tetibolan'ny Minisitera sy ny Andrimpanjakana toy izao:

- Ny fampiasam-bola andavan'andro na ny "biens et services" (ny "carburants" ohatra) dia hihena 4,9% avokoa ny an'ny Minisitera rehetra afa-tsy ny an'ny Antenimierampirenena, ny Antenimierandoholona, ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ary ny Vaomiera misahana ny Fifidianana (Assemblée Nationale, Sénat, HCC, CENI). Ankoatra izay dia "application linéaire" no natao na fampiharana mitovy ho an'ny rehetra tsy ankanavaka ny fanesorana io 4,9% io.

- Ny fampiasam-bola ho an'ny fihariana kosa na ny "investissement", toy ny fanamboarana trano dia hihena maherin'ny 50% avokoa ny an'ny rehetra afa-tsy ho an'ireo mpikarakara fifidianana dia ny HCC sy CENI izany.

- Ny fanampiana ho an'ny JIRAMA indray dia hitombo noho ny trova be loatra eo anivon'izany orinasa izany, ka tsy azon'ny fanjakana jerena fotsiny izany ka voatery mitondra fanampiana mitentina 475 Miliara ho azy ny fanjakana. Rehefa mitambatra amin'ny vola atokan'ny fanjakana hitazonana ny vidin'ny lasantsy tsy hiakatra dia hahatratra 1032 Miliara Ariary ny totalin'ny vola hampiasaina amin'ny sehatry ny angovo sy ny akoran'afio.

- Ireo vola fampiasa eo anivon'ny Minisiteran'ny Toekarena sy Fitantanam-bola izay itambarany amin'ny Governemanta iray manontolo dia nihena 430 Miliara Ariary, ka nafindra any amin'ny sehatry ny angovo.

- Eo amin'ny totalim-bola fandoavana ny karama dia hihena 272 Miliara Ariary, ka izany dia mifandrify amin'ny fanafoanana ireo fampidirana mpiasa vaovao rehetra ao anatin'ny 6 volana manaraka, ankoatra ireo fampidirana mpiasa amin'ny alàlan'ny fifaninanana na "concours" ho an'ny fandriampahalemana na ny "forces de l'ordre". Ny "forces de l'ordre" ihany sisa no afaka mampiditra mpiasa ho an'ny enim-bolana manaraka. Marihana fa tsy ny karama akory no

hihena, fa ny totalim-bola tokony handoavana azy no hihena rehefa ajanona ny fampidirana mpiasa.

Andriamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena mpisolotoerana;  
 Ramatoa sy Andriamatoa isany Filohan'ny Vaomiera eto anivon'ny Antenimieram-pirenena;  
 Ramatoa sy Andriamatoa isany Solombavambahoaka hajaina,  
 Tompokolahy sy Tompokovavy,

Toy izay raha fehezina ny mikasika ity Volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana ho an'ny taona 2024 ity. Tsy lava hoy aho satria antony tokana ihany dia ny fampifandanjana ny vola hiditra amin'ny vola hivoaka no anaovantsika izao LFR izao.

Ampanetren-tena tanteraka no itodihanay aminareo Solombavambahoaka ankehitriny mba hiroso amin'ny fandinhana azy ity. Mino aho fa tsy ho sarotra amin'ny rehetra ny hahatsapa hoe: ny fitananana ny vola miditra hifandrindra amin'ny vola mivoaka satria samy mitady vola ivelomana avokoa isika.

Rehefa miditra eto amin'ny Antenimierampirenena toy izao ny volavolan-dalàna mifehy ny tetibolam-panjakana dia miato avokoa aloha ny fampiasam-bolam-panjakana ary arakaraka ny fotoana itoerany ato aminareo no tsy ahafahantsika rehetra mampiasa vola.

Eto ampamaranana dia amafisina fa vonona avokoa ny tomponandraikitra rehetra ato anivon'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola amin'ny alàlan'ny Sekretera Jeneraly sy ireo Tale Jeneraly ary ny Tale isan-tsokajiny hitondra fanazavana fanampiny sy hiady hevitra mandritra ny asam-baomiera izay hotanterahana manomboka anio.

Inoako fa hizotra ao anatin'ny firahalahiana tanteraka ny dinidinika hatao ary mba tena hitondra vokatsoa ho an'ny firenentsika sy ny mpiara-belona amintsika izay rehetra tapaka aorian'izany.

Mankasitraka Tompokolahy,  
 Mankatelina Tompokovavy.

- Tehaka -

- 4 -

**- Fiatoan'ny fivoriana -**

### **Andriamatoa FILOHA**

Isaorana ianao, Ramatoa Minisitra, tamin'ny fanazavana nataonao ary porofon'ny fankasitrahana ny tehaka nataon'ny Solombavambahoaka teo.

Misaotra tamin'ny famelabelarana fohy kanefa mafonja. Mino izahay fa ahafahana mamisavisa sahady ny zavatra hisy izany ary mbola hisy koa ny asam-baomiera izay tena hanaovana ny adihevitra araka ny voalazanao teo hoe miaraka amin'ny teknisiana sy ny Solombavambahoaka. Rehefa vita izany, hiverina eto amin'ny fivoriambe ity Volavolan-dalàna ity ka handraisantsika fanapahan-kevitra.

Isaorana ianao Ramatoa Minisitra sy ireo teknisiana niaraka nandrafitra taminao ity Volavolan-dalàna ity izay mbola handray anjara mavitrika amin'ny asam-baomiera.

Tompokolahy sy Tompokovavy, izay no famelabelarana nataon-dRamatoa Minisitra momba ny Volavolan-dalàna laharana faha-012/2024 tamin'ny 21 May 2024 momba ny Lalàna Mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana, taona 2024.

Alohan'ny hiatoan'ny fivoriana, tiako ny mampahafantatra fa anio tolak'andro sy rahampitsosy Sabotsy amin'ny 10 ora, maraina sy amin'ny 3 ora, tolak'andro, ny asam-baomiera handinika ity volavolan-dalàna ity izay hatao amin'ny "salle BP" avokoa. Ny Vaomiera voakasik'izany dia ny Vaomieran'ny Tetibola, ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana Tetipivoarana ary ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana. Rehefa vita izay, hiditra eto amin'ny fivoriambe hodinihana sy handraisana fanapahan-kevitra amin'ny Alatsinainy 10 Jona 2024 amin'ny 10 ora, maraina, ity volavolan-dalàna ity ary mety hitohy amin'ny 3 ora, tolak'andro izany.

Manentana antsika Solombavambahoaka mba havitrika amin'ny fanatrehana ireo fivoriana ireo.

Mamerina ny fisaorana ho antsika rehetra nanatrika izao fivoriana izao sy ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola izay notarihan-dRamatoa Minisitra.

Miato hatreо ny fivorantsika.

Misaotra Tompokolahy sy Tompokovavy.

Niato tamin'ny 11 ora sy 30 minitra, atoandro, ny fivoriana.

